


**FIANGONAN' I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA**
**SYNODAMPARITANY IARIVO AVARADRANO – SPIA 19**
**JOBILY FAHA - 25 TAONA (1997 - 2022 )**

**Teny Faneva** : *« Iazao amin'ny Zanak'Isiraely mba handroso. Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin'ny fitiavana. »* ( Eks.14 :15 b ; Ikor.16 : 14 )

**Ny Foto-pisainana ao anatin'ny fankalazana** :
« Kristiana miara-mandeha, ao anatin'ny fiombonana sy ny fifankatiavana amin'ny fanatrarana ny tanjona iraisana »

**Ny tsangambato** : FIVIDIANANA TANY HO LOHARANOM-BOLA MAHARITRA HO AN'NY SYNODAMPARITANY


**Tanjona :** Ahafahana manangana foto-drafitrasa :
- Toeram-pivoriana mahazaka olona maro
- Toerana Fialam-boly, sns...

**Zava-kendrena**

Io tany io dia ato anatin'ny faritry ny misy ny Synodamparitany ihany, mba hisitrahan'ny Kristianina rehetra ny fampiasana ny toerana : Fitandremana, sampana, sampan'asa, asa sy ny fikambanana samihafa.

**Hamafisina fa** : Hatao ho vaindohan-draharaha ny fitondrana am-bavaka ny taon-jobily indrindra any amin'ny Fitandremana sy ny isam-piangonana isaky ny alahady.



**FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA**
**SYNODAMPARITANY IARIVO AVARADRANO**

EGLISE DE JESUS CHRIST A MADAGASCAR — CHURCH OF JESUS CHRIST IN MADAGASCAR
SYNODE REGIONAL D'IARIVO AVARADRANO — REGIONAL SYNOD OF IARIVO AVARADRANO

« Miorena tsara, aza miova » *1 Korintiana 15 : 58*

**TENY FANEVA :** « Ilazao amin'ny Zanak'Israely mba handroso, izay rehetra ataonareo dia ataovy amin'ny fitiavana » *Eks.14:15b ; I Kor 16:14*

**IVON'NY FANKALAZANA** : Alahady faha 23 Oktobra 2022 Tontolo andro ao amin'ny COLISEUM Antsonjombe.

**FANDAHARAM-POTOANA** amin'ny 7 ora maraina hatramin'ny 4 ora hariva.
- Fotoam-panafahana : *fanomanam-panahy, fanafahana, asa sy fampaherezana*
- Fanompoam-pivavahana : *fiderana sy fankalazana an'Andriamanitra, asa vavolombelona, vaovao samihafa, fandraisana ny Fanasan'ny Tompo.*
- Hetsika sy fiderana ary fanentanana samihafa : *Hira, dihy, fiderana an'Andriamanitra araky ny talenta avy amin'ireo Zanaky ny Synodamparitany sy Mpianatra sy Mpanabe avy amin'ny Faripiadidim-pampianarana Iarivo Avaradrano*

**IREO HETSIKA HO HITA AO MANDRITRY IO FOTOANA IO :**
- Hisy ny sakafo antoandro amidy eny an-toerana : vary sy laoka amin'ny vidiny 4000 Ar. Efa nalefa any amin'ny Fitandremana sy Fiangonana ny Karatra fandraisana anjara. Azo atao tsara ny mividy eny an-toerana.
- Hisy ihany koa ireo trano heva misy sakafo isan-karazany ankoatry ny vary sy laoka.
- Ao ihany koa ireo vokatra sy fitaovana vokarin'ny Komity Volafotsy : Tee shurt, satroka, auto collant, sns...manamarika izao Jobily izao ho fahatsiarovana.


**FANDAMINANA TSARA HO FANTATRA :**
- Hikatona avokoa ny Fiangonana rehetra ato anatin'ny Synodamparitany Iarivo Avaradrano amin'io alahady 23 Oktobra 2022 io. Tsy hisy akory ny hiditra maraina na mialoha an'io fotoana io vao hamonjy eny amin'ny COLISEUM.
- Amin'ny 6 ora maraina dia efa hisokatra ny vavahady hahafahantsika maka toerana milamina tsara.
- Ireo avy lavitra, azonareo atao tsara ny tonga asabotsy 22 Oktobra ka hivantana ao amin'ny FJKM ANALAMAHITSY. Ary manaraka izao fandaminana izao : mitondra fotsimbary sahaza sy vola 500 Ar.
- Hanao fanamiana mitovy isika rehetra eny amin'ny COLISEUM : fotsy ambony ary matroka ambany.
- Samy hitondra SORABAVENTY mirakitra ny anarany ny Fitandremana sy Fiangonana tsirairay avy.

**IREO OLONA HASAINA SY HANDRASANA HO TONGA AO :**
- Mpitandrina mivady sy ny Katekista Delegé mivady
- Ny Kristiana rehetra tsy misy ankanavaka ato amin'ny Synodamparitany Iarivo Avaradrano
- Ny Mpampianatra, Mpanabe rehetra,Mpianatra ary ireo Raiamandrenin'ny Mpianatra rehetra ato amin'ny fari-piadidim-pampianarana (FPMP) Iarivo Avaradrano
- Ireo Zanaky ny Synodamparitany rehetra miely any alavitra any ka mahatsiaro hifanotrona amin'izao Ivon'ny Jobily izao.
- Ireo Tomponandraikitra sy Manampahefana sivily sy Miaramila izay nasaina manokana amin'ny maha Mpiara-miasa amin'ny Synodamparitany.
- Ireo rehetra nasaina manokana izay tena antenaina ho tonga
- Ianareo Mpanao Gazety manatrika etoana


**FANENTANANA:**
- 9 andro mialoha ny Ivon'ny Jobily isika amin'izao fotoana izao
- Efa mizotra ny fandaminana sy ny fanomanana rehetra koa manentana antsika mandre sy mahita izao hafatra izao tena hiomana fatratra hiatrika io fotoan-dehibe ao amin'ny COLISEUM ny alahady faha 23 Oktobra 2022 tontolo andro io.

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra. Amena.



[PRAOGRAMA LEHIBE KOKOA ETO]



FIANGONAN' I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA
SYNODAMPARITANY IARIVO AVARADRANO
– SPIA 19
JOBILY FAHA - 25 TAONA (1997 - 2022)

**Teny Faneva** : *« Iazao amin'ny Zanak'Isiraely mba handroso. Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin'ny fitiavana. »* ( Eks.14 :15 b ; Ikor.16 : 14 )

**Ny Foto-pisainana ao anatin'ny fankalazana** : « Kristiana miara-mandeha, ao anatin'ny fiombonana sy ny fifankatiavana amin'ny fanatrarana ny tanjona iraisana »

**Ny tsangambato** : FIVIDIANANA TANY HO LOHARANOM-BOLA MAHARITRA HO AN'NY SYNODAMPARITANY

**Tanjona** : Ahafahana manangana foto-drafitrasa :
- Toeram-pivoriana mahazaka olona maro
- Toerana Fialam-boly, sns...

**Zava-kendrena**

Io tany io dia ato anatin'ny faritry ny misy ny Synodamparitany ihany, mba hisitrahan'ny Kristianina rehetra ny fampiasana ny toerana : Fitandremana, sampana, sampan'asa, asa sy ny fikambanana samihafa.

**Hamafisina fa** : Hatao ho vaindohan-draharaha ny fitondrana am-bavaka ny taon-jobily indrindra any amin'ny Fitandremana sy ny isam-piangonana isaky ny alahady.

[PRAOGRAMA LEHIBE KOKOA ETO]